

Le 19 may 2010.

Le 6 Sivan 5770.

Mampidi-doza ny fahatokisan-tena.

"Ary tsy mahagaga izany fa na Satàna aza manova ny endriny ho tahaka ny anjelin'ny mazava" (2 korintianina 11:14)

Tany an'efitra dia niseho teo anatrehan'i Kristy ho toy ny zatovolahy tsara tarehy Satàna; mitovitovy amin'ny mpanjaka ireny fa tsy ilay anjely potraka akory. Nampiasa ny Soratra Masina izy "**Voasoratra hoe**" hoy izy . Fa tamin'ny alalan'ny Soratra Masina koa no namalian'ilay Mpamonjy feno fanaintainana azy nanao hoe "**Voasoratra hoe**". Nanararaotin'i Satàna ny fahalemena sy fangozohozon'i Kristy izay naka ny toetra maha olombelona ...

Rehefa nahomby nanamaizina sy nandresy lahatra ny fanahin'ny mety maty Satàna ka namporisika fa manana fahafahana manokana hanatontosana asa lehibe sy tsara izy ireo dia nanomboka nitsahatra tsy niankina tamin'Andriamanitra izy ireo na nanaïy fahefana ambony. Nolaviny ny voninahitra izay mendrika ny fahambonian'Andriamanitra ...Tamin'izany no nahatratraran'i Satàna ny tanjona nokendreny. Lehibe indrindra ny hafaliany raha mahita ny olona lavo feno ilay fiavonavonana izay nandroahana azy tany andanitra. Satria fantany fa ny fahaverezan'ny olombelona dia azo antoka tahaka ny azy.

Tsy nahomby ny fanandramany namitaka an'i Kristy tany an'efitra. Notanterahina ny drafitry ny famonjena. Noefaina tamin'ny tena vidiny ny fanavotana ny olombelona. Ankehitriny dia miezaka Satàna hamadika ny fototry ny fanantenana kristianina ka mandrebireby ny sainan'ny olona mba tsy hisy akony eo aminy ilay sorona lehibe.. "Noho ny famitahan'ny faharatsiana" dia nampihevitra ireo olombelona voaroaka fa afaka tsy mila ny fanavotana izy.; afaka tsy mila Mpamonjy voafantsika sy nitsangana tamin'ny maty izy; fa ny fahamendrehan'ny tenany manokana dia miantoka ny ..n'ny lanitra; ambonin'izay dia nomontsaniny ny fahatokian'ny olona ny Baiboly satria raha vitany ny manaisotra io mpanendrikendrika io dia tanteraka ny faniriany.

Tonga hatramin'ny fieritreretana ny tsy fisian' ny devoly ny olona noho ny famitahany; noho izany dia tsy ilaina ny ezaka atao hiadiana amin'izay zavatra tsy misy; ka dia lasa mino fa izay rehetra misy dia tsara avokoa ireto olombelona jamba sady mety maty. Tsy misy fitsipi-piaina azo raisina intsony. Vokatry ny hery manjaka ao amin'i Satàna dia misy mino fa tsisy varany ny miresaka amin'Andriamanitra ary ny vavaka dia fombafomba fotsiny ihany. Fantany indrindra fa mila fitokanana sy fivavahana ny mpianatr'i Kristy ahazoany miambina sy manohitra ny sain-daliny.

Ny fahaiza-mamitak'i Satàna dia tsy mampitarika ny fanahy ho amin'ireo fanazaran-tena lehibe ireo ka hanajanonany ny fiangaviana ny fanampian'ilay Tsitoha ka handraisany avy Aminy ny hery ilaina hanoherana ny fanafihany..

Raha manao tsinontsinona ny fivavahana isika dia manampy an'i Satàna hanantotosa ny fahagagànny mamitaka izay toa misy vokany kokoa. Izay tsy vitany tamin'ny nangalany fanahy an'i Kristy dia hataony eo anatrehan'ny olona koa ankehitriny. Matetika dia miseho ho toy ny tanora lahy mahate ho tia , amin'ny fomba tena manintona izy. Manasitrana ny marary izy hany ka ny mety maty izay voafitaka dia miankohoka eo anatrehan'ny ho toy ny mpanao asa soa ny taranak'olombelona...

Naseho ahy fa tsy afaka manjakazaka ao amin'ny fanahy Satàna raha tsy mahazo alalana aminy. Mizotra ho amin'ny zava-doza ireo izay miala amin'ny fahitsiana. Misaraka amin'Andriamanitra sy miala eo ambany fiambenan'ny anjely izy ireo ka dia toloran'i Satàna - izay vonona mandrakariva hanapotika ny fanahy – famitahana hanipazany azy ireo any amin'ny fahaverezana lalina.

Ellen G. White *Messages à la jeunesse* p. 56- 57

